Mifototra amin'ny Galatiana 2:15-21.

A Ny foto-kevitry ny fanamarinana.

❖ **Inona no atao hoe fanamarinana?**

— Nambaran'i Paoly mazava tsara fa samy mila fanamarinana (izany hoe ambara fa marina) na ny Jiosy na ny jentilisa.

— Inona no voafaoka anatin'ny fanamarinana?

(a) Ny fanamarinana dia ny mifanohitra amin'ny fanamelohana. Ny olona nohamarinina dia sady voavela heloka no ambara fa marina (Deoteronomia 25:1).

(b) Ny fanamarinana dia midika hoe lasa anisan'ny vahoakan'Andriamanitra ilay olona nohamarinina.

(d) Ny fanamarinana dia mifandraika amin'Andriamanitra sy ny fanekeny.

B Ny fomba ahazoana fanamarinana.

❖ **Ny asan'ny lalàna.**

— Ny fanaovana ny asan'ny lalàna dia mitaky fanatanterahana – amin'ny eritreritra sy ny atao, ary amin'ny segaondra rehetra iainana – ny làlana rehetra.

— Na dia atao hoe vitantsika aza izany, tsy mahavonjy antsika velively ny asan'ny lalàna. Fitsipi-piainana fotsiny ny asan'ny lalàna fa tsy fomba hanavotana antsika na hahazoantsika famelan-keloka.

❖ **Ny finoan'i Jesosy Kristy.**

— Tsy mila fenoina amin'ny alalan'ny asa ny finoana. Ny fanamarinana dia tsy hoe amin'ny alalan'ny finoana sy ny asa – araka ny fampianaran'ny mpitondra fivavahana Jiosy fahiny – fa amin'ny alalan'ny finoana irery ihany.

— Tsy foto-kevitra manjavozavo ny finoana. Tsy misy izany hoe manam-pinoana fotsiny amin'izao. Tsy maintsy misy zavatra inoana: dia ny asa nataon'i Jesosy ho antsika izany.

— Tsy ny finoana amin'ny maha-finoana azy no manamarina. Ny finoana no fomba amikirana amin'i Jesosy Ilay hany afaka manamarina antsika.

— Ny fanantenantsika dia ao amin'ny "finoan'i Jesosy Kristy." Ny finoany, fa tsy ny antsika, no amonjena antsika. Tsy misy fahamendrehana ao amin'ny finoantsika.

D Ny vokatry ny fanamarinana.

❖ **Ny fankatoavan'ny finoana.**

— Ny tena finoana dia avy ao amin'ny fo voatohina izay voataona hitia sy hankasitraka an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

— Mino isika rehefa avy nahatakatra sy nanaiky ny sorona lehibe nataon'Andriamanitra mba hanomezany antsika fiainana mandrakizay.

— Ny finoana dia fitiavana asetry ny fitiavan'Andriamanitra.

— Rehefa tonga ny finoana dia tsy tiako intsony ny hampalahelo an'Andriamanitra amin'ny fanaovana fanahy iniana hanota.

❖ **Mbola hanohy hanota ve?**

— Nampangain'ny sasany i Paoly hoe manasongadina ny finoana ihany fa tsy ny asa. Noheverin'izy ireo fa nampirisihan'i Paoly hanohy hanota ny jentilisa rehefa avy nohamarinina.

— Takatr'i Paoly fa noforonina indray isika rehefa avy nohamarinina. Efa velona ao anatintsika izao i Kristy ka tanterahantsika ny asa izay efa nomaniny mba hizorantsika (Galatiana 2:20; 2 Korintiana 5:17; Efesiana 2:10).